“Tompo Allah dia hiteny amin’ny mponin’ny Paradisa hoe : Ry vahoakan'ny Paradisa ô!? Hoy izy ireo : Eny, mamaly ny antsonay ry Tomponay, dia hoy I Allah : "Moave afa-po ianareo? Hoy izy ireo : “Nahoana izahay no tsy afa-po rehefa nomenao izay tsy nomenao na iza na iza teo amin’ny zavaboarinao?

Tatitra azo avy amin'i Abo Said Al-Khodrio (R.A) : Niteny ny Mpaminany (S.W.A) manao hoe : “Tompo Allah dia hiteny amin’ny mponin’ny Paradisa hoe : Ry vahoakan'ny Paradisa ô!? Hoy izy ireo : Eny, mamaly ny antsonay ry Tomponay, dia hoy I Allah : "Moave afa-po ianareo? Hoy izy ireo : “Nahoana izahay no tsy afa-po rehefa nomenao izay tsy nomenao na iza na iza teo amin’ny zavaboarinao? dia hoy I Allah : Homeko zavatra tsara noho izany ianareo, hoy izy ireo : Tompo ô! Inona indray no zavatra mihoatra izany? Dia hoy Izy : Omeko anareo ny fifaliko, ary tsy ho tezitra aminareo Aho intsony intsony aorian’izany.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa Allah Ilay Tsitoha dia hiteny amin'ny mponin'ny Paradisa rehefa ao anatiny izy ireo : Ry olon'ny Paradisa, dia mamaly azy izy ireo manao hoe : Eny mamaly ny antsonao ry Tomponay, Faly Aminao izahay. Ary hoy Izy tamin'izy ireo : Afa-po ihany va ianareo? mamaly izy ireo : Eny, afa-po izahay; Nahoana izahay no tsy ho afa-po rehefa nomenao izay tsy mbola nomenao na ny iray tamin'ireo zavaboarinao! Dia hoy Allah Ilay Tsitoha : Moa ve homeko zavatra tsara noho izany ianareo? Hoy izy ireo: Tompo ô! Inona no tsara noho izany?! Dia hoy Allah : Ampidiniko aminareo ny fifaliko; ary tsy ho tezitra aminareo mihitsy Aho aorian’izany.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/8343